



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

### FAMPITAM-BAOVAO

#### **Filoham-pirenena tao Mahajanga: hisitraka ny asa fampandrosoana ny faritra rehetra tsy an-kanavaka**

Nihazo an'i Mahajanga ny Filoham-pirenena androany 23 mey 2019 nifampitafa sy nihaino ny hetahetan'ny mponina tao an-toerana. Tamin'izany no nanambarany tamin'izy ireo fa mijery tsy an-kanavaka ny fampandrosoana ny faritra rehetra ny fitondram-panjakana. Manamarika izany ny nanaovana ny filankevitry ny minisitra tao Antsiranana ary mbola ho avy ny fotoana hanaovana izany ao amin'ny faritan'i Mahajanga. Nilaza ihany koa ny filoha Andry Rajoelina fa i Mahajanga dia tsy ho diso anjara amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa fampandrosoana maro ireo, izay efa nahazo famatsiam-bola avy amin'ny mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena. Nasian'ny filoham-pirenena tsindrim-peo manokana fa hatsangana ao Mahajanga ihany koa ireo trano mora, havaozina atao manara-penitra ny gymnase ary hanamboarana dobo filomanosana lehibe ao an-toerana ka afaka handray irony fifaninanana iraisam-pirenena lehibe irony. Hahazo vahana ihany koa ny tanora amin'ny alalan'ny fandarahanasa nasionaly ho an'ny fandraharahana Fihariana. Mihazakazaka ny asa fampandrosoana hoy ihany ny Filoham-pirenena mba hahafantsika mahatratra ny fahatarana nandritra izay 58 taona lasa izay.

Sampan-draharaharan'ny Serasera sy ny Fifandraisana

23-05-2019